# ALAHADY 16 JON 2019

**Hebreo 2 :1 : « Ary amin'izany dia tokony hotandremantsika mafimafy kokoa izay efa rentsika, fandrao hindaosina hiala aminy isika ».**

Ny tenin'Andriamanitra eto no miteny amintsika fa mila mitandrina mafimafy kokoa fandrao hindaosina hiala amin'ilay fahamarinan'ny tenin'Andriamanitra. Misy sary anankiray tiako hisarihina ny sainao any anaty saiko any, dia zaraiko aminao. Ranobe anankiray, misy ranobe anankiray eo dia saino anie ny zavatra miseho, raha atao hoe renirano izany io rano io, dia misy andeha ataontsika hoe lakana fotsiny ihany aza aloa : misy lakana anankiray eo amin'io, fa adinon'ilay mpanjono ny namatotra an'ilay izy tery amin'ilay rive tery. Azonao an-tsaina ilay sary ao an-tsaiko ? Inona ary no hiseho rehefa mandeha ny fotoana, inona no miseho ? Lasan'ny rano moramora iny.

Andao koa mbola io rano io ihany no sary mbola tiako hisarihina ny sainao : andeha eritreretintsika hoe tena efa nifatotra ilay lakana, fa niakatra  be ny rano, niakatra ben y rano, asa, raha ranomasina angaha, dia hainao tsara ny atao hoe marée haute, miakatra  be ny rano. Fa mety tsy marée haute, fa tena cyclone mihitsy rangaha an. Fa raha vao tsy tsara fatotra, raha sambo izao no resahintsika, raha tsy misy an'ilay vato fantsika iny any ambany any, miakatra be ny rano, dia mety ho lasan'ny rano.

Izay ny sary ao anatin'ny saiko rehefa mandeha ao anatin'ity tenin'Andriamanitra ity hoe : *« fandrao hindaosina hiala aminy isika ».* Ao anatina fotoana manokana ny période misy antsika ankehitriny, ny fotoana misy antsika sy ianao. Hoy ny tenin'Andriamanitra, andao anie avadik'isika sy ianao any amin'ny **2 Timoty 3**, fa ao anatin'ny antsoina hoe andro mahory isika. Ary raha ohatra ka raisintsika hoe eo ambonin'ny rano izany ny fiainantsiala, dia miakatra be ilay rano, hoy Jesoa

Kristy any amin'y **Jaona 16 :33** hoe eto amin'izao tontolo izao no ahitantsika sy ianao fahoriana ; dia tena mahita fahoriana. Raha ohatra ianao ao anatin'ity fiainana miaraka amin'ny Tompo ity manantena hoe hihatsara, dia miala tsiny aminao aho fa tsy hihatsara ny fiainana, ilay manodidina io lazaintsika sy ianao io ; fa efa voalazan'ny Tompo fa miharatsy ary ao anatin'ny andro mahory tsika sy ianao izao. Andeha anie vakiana ny **2 Timoty 3** manomboka eo amin'ny **and.1 :** *« Fa aoka ho fantatrao izao: fa any am-parany any dia hisy andro mahory ».* Efa tamin'ny andron'ny Apostoly no voalaza fa andro farany ; maika moa fa izao andro misy antsika sy ianao izao : vao maika farany amin'ny farany. Fa ny olona hoy ilay tenin'Andriamanitra dia ho tia tena, ho tia vola, ho mpandoka tena, ho mpiavonavona… Misy liste be dia be eo. Fa hitantsika mihitsy fa io mihitsy no zavatra miseho amin'izao fiainantsika izao. Ary ny tena olana ary ao anatiny an, dia hitanao ilay olana amin'ilay hoe hindaosina hiala amin'ilay izy, tahaka ilay nolazaina tao amin'ny **Hebreo 2** : tsy maheno akory, tsy heno akory rehefa miakatra izay ilay rano, dia tsy henonao akory hoe oay efa lasa moramora kay, efa lasa ery ampovoan'ny rano ianao vao mety ho tonga saina hoe fa inona no ataoko eto ; na tsy eny ampofoan'ny rano akory ary fa misy an'ilay chute be angamba ao ambany ao, ohatra hoe ilay chute be, chute de la Lily ohatra. Azonao an-tsaina ve izany ? Fa rehefa latsaka ao anatin'ilay chute be ianao, izay vao : « fa inona iray ity ataoko ity ? ». Tian'Andriamanitra tenenina anao amin'ity maraina ity hoe ao anatina andro mahory isika. Ny olona hoy Izy dia tia tena amin'izany andro izany.

Amin'izao fotoana izao dia ny zavatra tsy normal no antsoina hoe normal. Misy zavatra 3 tiako tenenina anao hoe fomba hamantarana fandrao dia mitady ho lasa ianao. Mitady ho lasa ahoana ? Izay no fomba filazako azy anao fa mitady ho lasan'ny rano ilay sambokelinao, mitady ho lasa, lasa miala amin'ny fahamarinan'ny tenin'Andriamanitra. Dokotera moa aho dia maka ohatra aho hoe **misy symptômes 3 ahafahana mi-diagnostiquer anao hoe mitady ho lasa ianao**. Dia isika sy ianao mihitsy no

miara-mijery ao anatin'io hoe sao dia izaho ary no mitady hoe lasa. Rehefa mieritreritra ny tenin'Andriamanitra anie ianao dia hainao hoe an an an, i Ra…anona angamba izany mitady ho lasa, mitady hiala izany ; fa mety tsy izaho. Andao anie jerentsika, misy zavatra 3 teneniko anao :

**Ny zavatra voalohany izay marika fa mitady ho lasa ianao, mitady ho lasa ny sambon'ny fiainanao, mitady ho lasa mivarina any amin'ny tsy izy dia rehefa tsy mampaninona anao izay ny fahotana.**

Andraso anie averiko aminao e : rehefa tonga ohatrany tsy dia maninona, ohatrany tsy tena olana ny fahotana. Ary rehefa mijery ny fiainan'ny mpino ankehitriny, ny fiainan'ny ankabeazan'ny mpino, fa fantatro fa tsy ny mpino eto Isotry Fitiavana akory ireo, fa teneniko anao fotsiny, ny nakabeazan'ny mpino an dia tsy dia taitra loatra amin'ny fahotana. Raha mijery an'ilay **2 Timoty 3** teo isika dia mahita isika karazan-javatra tanisaina ; amin'ny andro farany dia ireto, misy andro mahory fa ny olona ho tia tena. Izany fitiavan-tena izany no fototry ny faharatsiana rehetra rehetra ; feno ny tenan'ny olona ny lohany, ary io tena marika ngeza be ny amin'ny hoe toa lasa nandeha tsikelikely niala tamin'ilay tena izy. Jerentsika anie fa eo amin'ny fiaraha-monina izao, misy ny fotoana hitenenana hoe ohatra izany hoe resaka kolikoly fotsiny no raisintsika ohatra, misy zavatra efa fantatsika mihitsy hoe tsy mety, fa hoy isika hoe « an an an, tsisy azo atao fa tsy maintsy manao an'ilay izy ihany aho ; ka ny olona rehetra moa manao ko ! Fa maninona moa izaho raha mba manao ? » . Ohatrany tsy dia maninona intsony. Mety any anatin'ny saintsika ihany koa ny hoe : « an an an, ka izaho anie izao ao ambany fahasoavana e. Rehefa ao ambany fahasoavana dia tsy mabany lalànà intsony dia tsy maninona na mety manota ary, fa rehefa avy eo anie mifona e ». Tena fahadisoan-kevitra ngeza be mihitsy, ary efa voafitaky ny devoly. Mila azontsika sy ianao an-tsaina dia ity : ao amin'ny **Efesiana 6 :11** an, ny tenin'Andriamanitra dia manambara

amintsika hoe isika sy ianao dia mila miambina. Vakiako anie izany, izao no vakin'ny teny ao amin'ny anaran'i Jesoa, hoe : *« Tafio avokoa ny fiadian' Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin' ny fanangolen' ny devoly »*. Ny tanjon'ny devoly aminao, fantatrao moa fa misy ny devoly, fantatrao tsara, ary ny devoly dia tena miketrika anao mihitsy : mbola tamin'ny ianao vao teraka no efa no-étudié-ny tsara ianao, ary te hampiatra ny **Jaona 10 :10a** aminao izy manao hoe : izy anie tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana ; dia izay mihitsy no tiany atao amin'ny fiainanao. Raisintsika ilay sary voalohany notenenintsika teo hoe tahaka ny sambokely izany isika eo ambonin'ny ranobe. Ny ranobe efa miakatra, ny tadiavin'ny devoly aminao dia hoe ho tapahiny moramora fotsiny ilay fikitra mahatonga anao tafajanona, tafatoetra tsara, dia lasa ianao ho entin'ny onjan'ny fiainana eny. Ianao ve tsy mahatsapa indraindray fa ho entin'ny onjan'ny fiainana fotsiny izany ianao ? Tandremo fa ny devoly io mitady hangalatra ny fiainantsika io. Ahoana no fomba fiasan'io devoly io ao amin'io **Efesiana 6** io ? Manangoly ny devoly. Ny devoly anie tsy hiseho aminao amin'ny endrika mainty be, izany no sary tany anaty lohako taloha tamin'ny hoe devoly an, ohatrany hoe misy tandroka be izany dia mainty be dia mampahatahotra be dia monstre be ; an an an, tsy ohatran'izany anie ny devoly e ; fa ny devoly, fanahy eny amin'ny rivotra izy, ary izy tsy hiteny aminao hoe : « e, izaho hiditra amin'ny fiainanao hanimba anao fa mahazo ve ? ». Tsy manao an'izany izy, fa izy miditra tsikelikely. Jereonao ilay fomba fiasany : manangoly hoy ilay tenin'Andriamanitra. Mila azonao an-tsaina fa manangoly izy, mamitaka. Izany manangoly izany ho anay dokotera, ny image voalohany ao anaty saiko dia hoe : mi- anesthésié antsika sy ianao. Efa nasiana anesthésie ve ianao tamin'ny fiainana ? Mety rehefa nanala nify ianao dia nasiana anesthésie. Hainao moa ny zavatra atao ? Zavatra kely fotsiny no atsindrona anao an, amina toerana kely, point kely anie no anindromana amin'ny seringue e, point kely, fa rehefa voatsindrona iny dia hoy ny Dokotera hoe efa tsy maheno intsony ; raha ohatra izany hoe rachianesthésie dia ny lamosinao no tsindromina dia mahatsiaro

tsara ny ambonin'ny vatanao, dia hoy ianao hoe tsy maheno intsony ; rafitra amin'izay ny dokotera mamoha ny kibonao, tsisy henonao intsony ; fa ohatran'izay mihitsy no ataon'i satana amin'ny fiainantsika sy ianao : manangoly antsika izy, manangoly antsika izy mba hahatonga antsika ho lasa tsikelikely. Tadidio fa isika sy ianao tsy ho voasintona any amin'ny tsara, fa ny ratsy no misintona moramora : voasintona hiala amin'ny tsara isika mankany amin'ny ratsy. Mila azonao an-tsaina fa mamitaka io devoly io, misitrika moramora izy mamitaka. Fantatrao moa ny dikan'izany hoe mamitaka ? Ny dikan'ny hoe mamitaka, dia misy part de vérité ao anatiny, misy zavatra marina kely amitahany anao ; manao piraten-javatra ny devoly e. Ohatra izany izao ny téléphone anao iny mety tena vrai ny téléphone-nao, angamba ohatra hoe Samsung ny marque-ny ; izany izao no antsoina hoe vrai marque. Fa ny mpanao contrefaçon rehetra indray koa dia mahay azy dia satria mila roboka ianao ao anatiny, dia anaovany téléphone hafa, mety Samsang ny anarany na tsy fantatro ; fa satria ilay izy mitovy be amin'ilay izy, ny atao ao anatiny mitovy ihany, dia hoy ianao hoe mety ity, fa sady mba moramora kokoa, roboka ianao : ohatran'izay mihitsy no anaovan'ny devoly antsika. Mila azonao an-tsaina, dia inona no ataony ? Ataony izay hampahatonga anao mahita hoe tsy dia maninona ny manota – Ataony izay ahatonga anao hi-justifié-na marina ny zavatra rehetra rehetra ataonao hoe sshhh. Misy fotoana izany ao amin'ny radio vaovao mahasoa ao misy fandaharana ho vaha-olana an-tariby izay ; dia manao an'io vaha-olana an-tariby io dia misy olona mandefa message ohatra dia miteny hoe : « izaho Tiana mangataka toro-hevitra, dia inona izany ny toro-hevitra : izaho dia manambady vadin'olona » ; izay mihitsy ilay phrae atao an ; vao manomboka fotsiny ilay izy anie dia tsy mila omena toro-hevitra izy e, fa efa azony tsara ilay izy, fa rehefa avy eo mbola misy lava be teneniny, fa misy justificatifs be dia be : « fa satria izahay efa niteraka 3 dia… fa satria… ». Na niteraka 15 aza, rehefa hoe vadin'olona, ny dikan'izay dia fahotana. Moa va tsy izay ? Fa lasa voan'ny anesthésie ny mpino maro ankehitriny hoe : « an

an an, tsy dia maninona ».

Amin'ity anio ity, te hahatonga saina antsika, isika sy ianao mihitsy no miara mieritreritra hoe : sao dia izaho ary, sao dia efa misy symptôme-ny fiviliana moramora any amintsika any ? Fa fotoana izao hoe tena hijoroantsika.

**Ny symptôme faharoa teneniko anao ilazana hoe sao dia efa lasa aza ianao izany, andeha tsy atao hoe ianao fa izaho, sao dia efa lasa ary izaho izany, lasa izany ilay sambo an, tsisy mitazona intsony, dia rehefa isika izay no mihaino tenin'Andriamanitra kanefa tsy miova ny fiainantsika.**

Raha vao izay ny zavatra mitranga dia mila mipetraka mihitsy aloa dia misaina. Mandre tenin'Andriamanitra foana isika. Jerenao anie raha hiverenantsika vetivety **2 Timoty 3** novakiantsika tery aloa tery, ao amin'ny **and.5**, mariky ny andro mahory fa sao dia lasan'ny rivotry ny andro mahory fotsiny aza ianao ity ; eo amin'ny **and.5** sy **and.7** no tenenintsika. Jereonao fa ny olona hoy izy an, dia *« manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra nefa nandà ny heriny »*. Any amin'ny **and.7** no ijerevantsika ny hoe *mianatra « mandrakariva, nefa tsy mahatratra ny fahalalana ny marina ».* Ankehitriny amin'izao fotoanan'ny teknolojia sy ny sisa rehetra izao, be dia be ny zavatra ianarana, be dia be ny sehatra afaka ianarana, ary matetika, tia mianatra isika : tena tsara. Fa amin'ity anio ity dia te hametraka fanontaniana aminao manokana ny Tompo, hoe : sao dia mianatra fotsiny ary ianao io, fa tsy niova ny fiainanao ? Azonao an-tsaina moa, fa i Jesoa anie no antsoina hoe lalana sy fahamarinana ary fiainana. Miaraka tsara izay zavatra 3 izay. Tena fiainana io Andriamanitra io, fa tsy théorie an-javatra fotsiny. Ny dikany : tena mila hita eny amin'ny fiainanao. Rehefa andro Alahady ny andro tsy fijerena indrindra eo amin'ny fiainan'ny olona hoe masina izy sa tsy masina ; fa amin'iny dia ohatrany masina, sa ahoana ? Mifampiarahaba, dia : « Fahasoavan'ny Tompo ho aminao », mety tsara. Fa rehefa tonga ve ny Alatsinainy, rehefa tonga, na mety tsy Alatsinainy akory ary,

fa rehefa vita ny eto ka handeha hody any an-trano ianao, tonga any an-trano ianao fa ilay zanakao noteneninao hoe mba hampirimo ny fandriana sns… vao miala ianareo, tsisy nataony : mipoaka tahaka ny inona ianao ; any ange ilay hoe fiainana e. Misy vokany tamin’ny fiainanao ve ny tenin’Andriamanitra noraisinao hatramin’izay ? Fa mila vokatra eo amintsika ny Tompo. Ny **Jaona 17 :13** milaza hoe ny antsoina hoe fiainana mandrakizay anie, ny fahalalana an’Andriamanitra e. Na azontsika ataontsika tenenina mifamadika izany : ny dikan’ny hoe mahalala an’Andriamanitra ianao dia iainanao mihitsy izany ilay fiainana mandrakizay. Ny fiainana mandrakizay izany indraindray, rehefa no eritreretiko taloha dia hoy aho hoe mbola rehefa avy maty aho izany dia izay vao hita eo izany ; an an an, izao mihitsy : ny fanjakan’Andriamanitra anie ao anatintsika sy ianao e. Dia ampanjakaintsika sy ianao izany. Fa jereo fandrao dia somary lasa nandeha kely ianao, lasa moramora, sao dia efa tsy tafatoetra tsara ? Ny **Jaona 8 :36**, fantatrao tsara izay tenin’Andriamanitra izay : raha ny Zanaka no hanafaka anareo hoy ny tenin’Andriamanitra dia ho afaka tokoa ianareo. Raha ny marina, andraso aloa fa averiko vakiana tsara fandrao dia misy zavatra… Raha fantatareo ny marina, **and. 32**, dia ny marina no manafaka anareo tsy ho andevo. Firy firy ny mpino, ary ndrao dia isika sy ianao mbola ao anatiny, mbola misy zavatra mangeja azy amin’ny fiainany ? Tsy hitanao akory anie dia gejaina zavatra ianao, fa izany no tian’ny devoly atao amin’ny fiainanao e. Tsy hitanao akory dia gejain’ilay atao an’izao e…. Ianao izany efa tsy mifoka sigara mihitsy, deraina ny Tompo ; ianao efa tsy misotro toaka, andray, fahasoavana ; fa indraindray isika, zavatra hafa mihitsy no mangeja antsika : gejain’ity téléphone ity, vao tonga eo ianao tsy afaka eo raha tsy afaka adiny 2, adiny 3, jereo ihany. Fa mila iainantsika mihitsy ny tenin’Andriamanitra ; Tsy misy maharatsy azy mihitsy ny téléphone, sao hoy ianao hoe lazain’i Tiana fa ratsy ny téléphone, tsy izay an ! Fa jereo fa sao dia misy mangeja anao eo amin’ny fiainanao ka marika izany hoe miala, tafiala moramora ianao. **Jakoba 1 :22** anie vakiantsika sy ianao e ;

**Jakoba 1 :22-25 :** *« Fa aoka ho mpankatò ny teny hianareo, fa aza mpihaino fotsiny ihany ka mamitaka ny tenanareo »* Izay no tadiavin'ny devoly.Mety amin'ny devoly anie raha mihaino tenin'Andriamanitra ianao, tsy mampaninona azy loatra ; fa mampihorohoro ny fanjakan'ny devoly raha vao ianao no manapa-kevitra hoe izaho handeha hankatoa ny tenin'Andriamanitra. Any no mila andehanantsika sy ianao. Fa manjary mamita-tena isika raha vao tsy izay. *« Fa raha misy mpihaino ny teny, nefa tsy mpankatò, dia toy ny olona mizaha ny tarehiny eo amin' ny fitaratra izy; fa mijery ny tenany izy, dia lasa, ary miaraka amin' izay dia hadinony ny tarehiny ».* Jerenao tsara anie ny **and.25** e : *Fa izay mandinika ny lalàna tanteraka, dia ny lalàn' ny fahafahana, ka maharitra amin' izany, raha tsy mpihaino manadino, fa mpanao ny asa, dia ho sambatra amin' ny asany izany olona izany ».* Izany ny fikasan'Andriamanitra ho antsika sy ianao, ho sambatra amin'ny asany izany olona izany.

**Zavatra marika fahatelo tiako tenenina anao, symptôme fahatelo ahafahantsika mahita hoe sao dia efa lasa ary ianao ity, sao dia efa lasa ary izaho izany ;** voalohany hitantsika teo izao dia hoe lasa tsy mampaninona anao ny fahotana ; faharoa, tsisy miova ny fiainanao fa ohatrany ny teo ihany no teo, mandinin-tena mafy dia mafy malaky ; ny zavatra fahatelo farany teneniko anao ao anatin'io symptôme antsika io dia ity : **rehefa adino hoe ny fiafarana anie ka manan-danja bebe kokoa, ny fiafarana tsara manan-danja bebe kokoa noho ny fanombohana tsara.** Andraso anie teneniko anao, averiko tsara izay e : rehefa adinontsika fa zava-dehibe kokoa anie ny famaranana tsara noho ny fiantombohona tsara e : mitady ho lasa isika izay.

Hitanao, ny devoly an, tsy mampaninona azy raha hanomboka ianao ; fa ataony izay fomba rehetra tsy hamarananao an'io, ataony izay fomba rehetra tsy hahatafita an'io sambokelinao io. Jerenao anie ny ohatry ny Apostoly Paoly ao amin'ny **Asan'ny Apostoly 20 :24,** izao no voalaza ny amin'i Paoly manokana, dia ho alaintsika sy ianao tahaka : *« Nefa tsy*

*ataoko ho zavatra akory ny aiko, mba hahavita ny alehako, dia ny fanompoana izay noraisiko tamin' i Jesosy Tompo hanambara ny filazantsaran' ny fahasoavan' Andriamanitra »*. Izany ny ohatra nomen'ny Apostoly Paoly fa zava-dehibe mihitsy ny hoe mahavita tsara, mifarana tsara, fa tsy ny manomboka fotsiny. Ny tadiavin'ny devoly amin'ny fiainantsika : nanomboka tsara ianao, mety tao anatina fianakaviana tsara ianao, fa fianakaviana natahotra an'Andriamanitra io ; fa aiza ho aiza no misy anao izao ? Fa izay maharitra hatramin'ny farany anie no hovonjena rahavako e. Raha jerentsika ny zavatra miseho eo amin'ny fiainantsika dia ity : tsy ampy fahatahorana an'Andriamanitra ny mpino maro amin'izao fotoana izao. Ohatrany hoe ny androany e, ny androany e, izay androany ihany dia izay ; izay anomezana fahafaham-po an'izay ilaiko izao. Fa tsy izay no antsoina hoe fiainana. Mila mijery lavitra isika. Variana mihitsy aho, rehefa mahita olona mifoka sigara aho dia tena variana. Taloha aho nitsaratsara an'ireny olona ireny fa taty aoriana aho tsy nitsara azy intsony satria mampalahelo izy satria tena jamba mihitsy ny masony. Ilay fitoeran'ilay sigara efa misy soratra mihitsy hoe : tandremo fa poizina mahafaty ; novakiako mihitsy, oadray, hay ve ity misy soratra ohatran'ity mihitsy, tandremo poizina mahafaty. Fa tsy any an-tsainy ny hieritreritra ny ho avy ela be fa ny ankehitriny, ny izao ihany aloa : ny misintona kely amin'iny aloa no mety. Tsy misy olona misotro zava-pisotro misy alikaola anie dia miteny hoe, andeha tsy ataoko hoe misotro zava-pisotro misy alikaola fotsiny fa hoe, tsy misy olona mpimamo toaka anie dia miteny hoe mety aminy toaka e ; fantany tsara fa ratsy, fa ohatrany hoe tsy tafiala ao anatin'ilay izy, jamba ny masony ; tsy mahita afa-tsy ny ankehitriny : efa lasa, efa lasa lavitra izy ; Anjarantsika sy ianao mihitsy ny mamerina azy ao anatin'izany.

Hamarana an'izao fizarana tenin'Andriamanitra izao isika dia : **<u>inona ary ny vaha-olana hahatonga antsika sy ianao ho tafatoetra tsara, tsy ho entin'ny zavatra be dia be ho entin'ny ranobe ?</u>**

Fa io rano misy antsika io aloa dia miha-miakatra, miha-miakatra, miha-miakatra foana, dia miha-tondraka ny ranon'ny fiainana manodidina ; na tianao na tsy tianao dia izay no izy. Fa ny dikany : tsy maintsy ianao no mifaka tsara. Hoy ny any amin'ny **Efesiana 6 :13**, izao no tenin'ny tenin'Andriamanitra any hoe : *« Ary noho izany, dia raiso avokoa ny fiadian' Andriamanitra, mba hahazoanareo hanohitra amin' ny andro mahory; ary rehefa vitanareo avokoa, dia hahafahatra hianareo ».* Mila tonga saina ianao hoe ao anatina ady anie ianao ity ; tsy ny adim-piainana an. Indraindray ianao miteny hoe : « ie, tena ao anatina ady mihitsy ao, adim-piainana », tsy io no ady ; fa any anatina ady ara-panahy isika, izay hifandrohitan'ny fanahy, any amin'ny rivotra any, mifandrirotra te hitondra anao : ny fanahy ratsy te hisarika anao, ny Fanahin'Andriamanitra koa te hiasa eo amin'ny fiainanao hiaro anao sy hitondra anao amin'ilay fiainana be dia be. Fa ianao tsy maintsy manapa-kevitra handray ny fiadian'Andriamanitra.

Ao amin'ny **Hebreo 4 :16** dia hoy ilay tenin'Andriamanitra hoe : manatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavany : *« Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan' ny fahasoavana amin' ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin' izay andro mahory ».* Tena mila an'Andriamanitra izaho sy ianao, fa tsy vitantsika amin'izao fotsiny hoe : andeha hiezaka ary aho tsy ho lasa e, raha izay ilay fomba fitenintsika azy, andeha hiezaka aho tsy ho entin'ny rivotry ny fiainana fotsiny ; tsy vitan'ny ezakao, fa mila ny Fanahin'Andriamanitra ianao. Tena mila ny Fanahy Masina isika sy ianao.

Dia izay mihitsy ilay lohahevitry ny Fjkm amin'ity volana ity, dia raisintsika amin'ity anio ity hoe : E, meteza ho fenoina ny Fanahy Masina ianao. Hitanao, ao amin'ny bokin'ny **Romana 8** ao an, amin'ny **and. 5-8** dia milaza manao hoe : *« Fa izay araka ny nofo dia mihevitra izay zavatry ny nofo; fa izay araka ny Fanahy kosa mihevitra izay zavatry ny Fanahy. Fa ny fihevitry*

*ny nofo dia fahafatesana; fa ny fihevitry ny Fanahy kosa fiainana, (sy fiadanana) satria fandrafiana an’ Andriamanitra ny fihevitry ny nofo; fa tsy manaiky ny lalàn’ Andriamanitra izy, sady tsy hainy akory izany. Ary izay ao amin’ ny nofo dia tsy mahay manao ny sitrapon’ Andriamanitra »*. Tiako averina aminao tsara amin’ity anio ity fa ianao io, ianao io mandra-pahafatintsika sy ianao, dia misy nofo ao anatintsika dia misy Fanahy. Isika sy ianao, zavatra 3 no mamaritra antsika : io vatanao io, io kitikitihanao io : asianao maquillage kely, iny : iny ny carrosserie-ny ; fa tsy iny no tena maha-ianao anao fa any anatinao any misy ny antsoina hoe aina ; avahan’ny **1 Tesaloniana 5 :23** mazava izay : misy ny tena, le corps ; ny aina, l’âme, ary misy ny antsoina hoe fanahy. Ny tenanao sy ny ainao no mamaritra ny nofonao : tena + aina = nofo ; dia ny fanahinao ilay esprit. Tenenin’ny tenin’Andriamanitra anao fa raha vao mbola io tenanao sy ny ainao io no mibaiko ny fiainanao, dia tsy mahay manao ny sitrapon’Andriamanitra ianao ; n’inon’inona ataonao eo dia hoe lasan’ny rano ny sambonao dia ho latsaka ary anatin’ny chute de la Lily, any dia ao. Izay mihitsy no tadiavin’i satana amin’ny fiainanao, fa isika sy ianao angaha hanaiky. Andeha amin’ny Fanahy isika.

Hoy ny **Galatiana 5 :16** hoe : *« Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan’ ny nofo hianareo ».* Ny nofonao dia tsy mahay manao ny sitrapon’Andriamanitra fa mitondra ano amin’ny fahafatesana lalandava. Tsy ilay fahafatesana hiandrasam-paty ny tiako lazaina anao io an, tsy izay ilay tenenin’ny tenin’Andriamanitra rehefa miteny fahafatesana izy, fa fahafatesana mira tsy fisian’Andriamanitra, tsisy présence, fa absence an’Andriamanitra eo amin’ny fiainanao ny dikan’ny hoe fahafatesana. Azonao an-tsaina moa izany : misy olona be dia be anie maty mandehandeha e, mbola tsy nivoaka akory ny faire-part-ny, fa maty mandehandeha izy : fandrao dia ianao ary izany ? Tsisy feeling mihitsy ny fiainany mandritra ny tontolo andro, zara fa miaina : « mifoha indray androany dia inona indray ? tsy maintsy hamoha tsena dia tsy maintsy handeha hivavaka fa mba Alahady ny andro ». An an an, ny

nofonao izay no mitarika anao. Tadidio fa ny nofo no par défaut aty anatintsika. Azonao ve izany teneniko anao hoe par défaut ? Rehefa tsy miketrika, rehefa tsy miomana ianao an, dia mandeha izay mandeha ho azy any anatinao, ny nofonao no madeha ho azy. Ataoy hitsahan'ny olona anie ny tongotrao e ; nefa ilay kiraronao izany vao nosorana crème, ilay olona avy nanitsaka fotaka, feno fotaka. Mandeha ny par défaut any anatinao rehefa izany, nofo : « fa ahoana no manitsaka… » : mandeha daholo, avy eo ianao vao : « oay ». Ny tadiavin'Andriamanitra amintsika sy ianao : mandeha amin'ny Fanahy. Tsy haintsika amin'izao fotsiny izany ; tena mila an'Andriamanitra isika, mila ny safidinao Andriamanitra fa rehefa nandray an'i Jesoa ianao dia ao anatin'ny fanahinao ange ny Fanahin'Andriamanitra e. Efa ao Izy, efa ao Izy. Azonao ao an-tsaina ny sary any anaty saiko, farany sisa dia tapitra : misy jiron'ny Jirama : hitanao izany misy trano anankiray tafiditra ny jiron'ny Jirama izy ; ankehitriny moa efa manahirana be mihitsy rehefa manana trano vaovao ianao dia mampiditra jiro, enjana be mihitsy vao tafiditra ilay jiro. Fa ouf, tafiditra soa aman-tsara ny jiron'ny Jirama. Efa ela izany ianao no misahirana be mi-charge téléphone, tsy mahita télé, Etc… mandefa labozia amin'ny alina fa eee, tsisy jiro e. Fa tafiditra ny jiro : fa possible tsara hoe tafiditra ny jiro fa mbola niaina tao anatin'ny maizina ihany ianareo mianakavy kely, rehefa tsy ampiasainao ilay jiro. Fa ny jiro anie tsy hoe rehefa tafiditra dia mety e. Fa tsy maintsy arehitra ny interrupteur ry havako. Azonao an-tsaina ve ? Zavatre kely fotsiny anie e : interrupteur no pihina. Azonao an-tsaina moa fa rehefa nandray an'i Jesoa ianao dia misy an'ilay Fanahy Masina, ilay Andriamanitra mihitsy no ao anatinao, ilay fahazavana lehibe, ilay tena afaka mampijoro anao ; fa tsy an'Andriamanitra ny mandrehitra ny interrupteur fa anao. Ary izao no mila tadidianao : ny devoly an dia mi-rodé autour de l'interrupteur. Azonao ve ny dikany ? Manodidina ilay interrupteur ny devoly mihaodihaody. Tamin'ny maraina ianao izao nivavaka tsara : « Jesoa an, andeha hanompo anao, handeha amin'ny fahamasinana aho », inona daholo no noteneninao ?

Mirehitra ny jiro. Fa nandeha ny fiomanana, nandeha ny fiomanana tao an-trano, dia inona, Tsy hita ny ba kiraronao, loza ! Ianao efa tara fa manao service ianao aty am-piangonana, nandeha daholo, nivoaka daholo ny teny, voatonona ny karazam-biby velona sy ny maty… Azonao an-tsaina ? Avy eo ianao vao mieritreritra hoe : « oadray, fa ahoana ary ? ». Tsy tonga saina ianao fa efa nopihin’ny devoly, vao mandeha kely anie ianao e, mandeha amin’ny routine-ny fiainana, efa nopihiny ny interrupteur-nao : ataony izay andehananao amin’ny nofo. E, isika sy ianao mila misafidy amin’ny fotoana rehetra.

Ny **Efes iana 5 :18** no amaranako azy tanteraka. Izao ilay tenin’Andriamanitra ao : *« Ary aza ho mamon-divay hianareo, fa amin’ izany dia misy fanaranam-po amin’ ny ratsy, fa aoka hofenoina ny Fanahy ».* Ho anareo lehilahy rehetra : ten amila lehilahy mijoro isika, mila lehilahy feno ny Fanahy Masina, tsy mamon-divay. Fa maninona ary no ampitoerin’ny tenin’Andriamanitra, ampitoerin’ny Apostoly Paoly : aza ho mamon-divay hianareo, fa aoka hofenoina ny Fanahy Masina ? Fantatrao moa ny fandehany rehefa mamo divay ? Rehefa mamo toaka ? Samy efa nahita mamo toaka : voalaza daholo izay zavatra tsy tokony holazaina. Moa tsy izany ? Misy zavatra efa any an-tsainy any, hoe ity tsy azo tenenina an-dramatoa mihitsy, ramatoa vadiny ; tsy azo tenenina mihitsy hoe ratsy tarehy be ianao ramatoa ; fa rehefa tonga ilay mamo an, tsy vao contrôle ny eritreriny fa controlé-ny alcool. Fa maninona no ampifanoherin’ny Apostoly Paoly eo ? Fa ohatran’izay mihitsy anie ny asan’ny Fanahy tian’ny Fanahy Masina atao ao anatintsika sy ianao e : hi-contrôle ny eritreritrao, ahatonga ny hoe : feno ny Fanahy.

Ry havana, baiko, baikon’Andriamanitra izany hoe : aoka ho feno ny Fanahy. Indraindray isika mieritreritra hoe : bon, tsy dia maninona… rehefa eto am-piangonana, feno ny Fanahy ; rehefa avy eo, an an an, izay tiako ihany io ka. An an an, fa maninona no fantatrao tsara fa ratsy ny mijangajanga, dia ratsy ny mamo toaka, dia ratsy… Tena mitovy tantana amin’izany

anie io baikon’Andriamanitra io : fantatrao moa hoe fahotana kay rehefa tsy feno ny Fanahy izaho sy ianao ? Amin’izao fotoana izao, tena betsaka ny mpino mandeha manana ny Fanahy fotsiny, fa tsy tonga sain aizy hoe mila feno ny Fanahy.

Isika androany naheno ny tenin’Andriamanitra, dia tsy mety isika : aza manaiky ianao raha tsy velona foana ny interrupteur-nao ; fa raha vao tsy izay an, dia mitady ho lasa ianao izay ; mitandrema, fa ny dikan’ny hoe mitady ho lasa ange ry havako o, dia lasan’i satana ; ny iafaran’izay dia fahafatesana foana, fiainana tsisy fifaliana, fiainana feno aizina. Fa Andriamanitra te hanome anao fiainana be dia be, dia ao amin’io Jesoa Kristy io izany.

Ho an’Andriamanitra irery ny voninahitra, dia ho antsika rehetra kosa ny Fiadanany.

Amena